# 365Tantara 84. Ilay takamoa fahefatra!



# 84. Ilay takamoa fahefatra!•

Andriamanitra dia afaka mikasika sy mahatratra ny fontsika amin'ny fomba rehetra!

Tahaka ny aseho amin'ity fiovam-po ity: "Mba hampifaly ny ray aman-dreniko, dia nanaiky hiaraka handeha hiaino evanjelista izay nandalo tao amin' ny fiangonan-drizareo aho, kanefa toa niandry fotsiny aho, ohatran' ny tsy teo ary tena tsy niraharaha.

Ny ray aman-dreniko sy ny zandriko dia efa nandray an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenany manokana efa taona maro izay.



Fa izaho, dia mbola niaina ny fiainako mpianatra, fety lava sy fitondran-tena ratsy.

Tamin'io hariva io, nipetraka tany amin'ny seza farany aho, tapa-kevitra ny tsy hiaino na inona na inona.

Nasiako fihainoana kely izay mamoaka mozikan' i Bob Marley ny sofiko.



Sady nojereko am-pifandimbiasana ny mpihaino, ny efitra, ny valindrihana ary indrindra ilay jiro be mihantona eo afovoany.

Tamin' ireo takamoa efatra, telo ihany no nirehitra. Tokony nosoloina ilay takamoa fahefatra fa tsy nisy nanao izany!



Nifoha tampoka tamin'ny fahalainana aho rehefa nanomboka nihira ny olona rehetra.
Nifarana ny fivoriana.
Taorian'ny fifampiarahabana vitsivitsy  dia nandeha nody niaraka tamin'ny fianakaviako aho.

Tsy nahare ary mbola latsaka aza tsy naheno na dia teny iray tamin' ny hafatra aho. Kanefa, na dia tsy fantatro aza, Andriamanitra dia nikasika ahy tamin' ny halalinana.



Tamin'iny alina iny, tsy nahita tory aho. Nieritreritra foana ilay jiro be afovoan'ilay efitra. Nisy takamoa efatra teo, fa telo ihany no nirehitra. Maty ilay fahefatra, tsy namiratra, tsy nafana. Nampatsiahy ahy ny endrikin' ny fianakaviako manokana.

Jiro telo no namirapiratra: dada, neny, ny zandriko lahy. Ary izaho adre! tsy nisy hazavana, tsy nisy aina, tsy nisy hafanana, maty eo ima¬son'Andriamanitra aho!  Very mandrakizay...

Tamin' ny misasakalina, nitsangana aho ary nandohalika teo amoron'ny fandrianako, niangavy an'Andriamanitra mba hamela ahy ny amin'ny faho¬tako marobe. Nisaina ny amin'ny hazo fijaliana izay nanome¬zan'i Jesosy ny ainy ho ahy: tamin' ny finoana, noraisiko ny famonjena ary dia voavonjy aho!

Jiro efatra izao no mamirapiratra ao amin'ny fianakavianay. Ao amin'ny bokin'i Matio 5:14 dia voasoratra hoe: "Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao!"